REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

**Ministère de l'Economie et des Finances**
**------------------**

**Ministère de l'Energie et des Hydrocarbures**
-------------------------

**PROJET DE LOI N° 026/2026 du 10 juin 2026**
**Autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement de l'Accélération du Programme de Transformation Durable et de l'Accès à l'Energie Propre (ASCENT MADA), conclu le 08 mai 2026 entre la République de Madagascar et la Banque Mondiale**.

## EXPOSE DES MOTIFS

Le Gouvernement Malagasy s'est engagé à l'initiative M300 dans le cadre du Pacte Energétique National de Madagascar, aligné sur l'Objectif de Développement Durable 7 (ODD7). Cette initiative portée conjointement par le Groupe de la Banque mondiale, de la Banque africaine de développement et d'autres partenaires, vise à fournir un accès à l'électricité à 300 millions de personnes en Afrique d'ici 2030. Appuyé par la Banque Mondiale à travers la phase 14 du programme ASCENT, projet axé sur les résultats (Program for Results – PforR) et mis en œuvre selon l'Approche Programmatique Multiphases (Multiphases Programmatic Approach - MPA), le Gouvernement Malagasy entend répondre à la priorité urgente de l'accès pour tous à une énergie durable et propre.

Le programme ASCENT soutient des objectifs liés à la création d'emploi, au capital humain et la résilience et intègre des priorités transversales notamment en matière de gouvernance (contrats de performance, rapports transparents et réformes des achats), de climat (Énergie renouvelable et cuisson propre pour réduire les émissions de $CO_2$ et renforcer la résilience), et de genre (des liens ciblés pour les foyers dirigés par des femmes et des mesures visant à accroître la participation des femmes à la main-d'œuvre de l'énergie).

Pour le cas de Madagascar les objectifs spécifiques tendent vers l'amélioration de la performance financière et opérationnelle de la JIRAMA et l'accroissement de l'accès à une énergie durable et propre à Madagascar.

Dans ce sens, la Banque Mondiale a octroyé au Gouvernement Malagasy un prêt de **DEUX CENT CINQUANTE MILLIONS DE DOLLARS AMERICAINS (250 000 000 USD),** équivalent à 1 041 032 500 000 Ariary pour le financement du programme.

**OBJECTIF DU PROJET :** le programme répond à la priorité urgente de Madagascar d'accélérer l'accès universel à une énergie durable et propre tout en restaurant la viabilité financière des services d'électricité et du secteur de l'énergie à Madagascar. L'objectif de développement du programme ASCENT Mada est d'améliorer la performance financière et opérationnelle de JIRAMA.

- **Composante 1** : Permettre l'accès accru à l'électricité (sur le réseau) ;
- **Composante 2** : Améliorer la viabilité/performance financière des services publics (augmentation des revenus, paiement de la dette et des arriérés) ;
- **Composante 3** : Améliorer la gouvernance et la gestion des services publics ;
- **Composante 4** : Élargir l'accès à l'énergie grâce aux énergies renouvelables décentralisées (DRE) notamment l'électrification rurale, les solutions de cuisson propre, PURE, et les projets photovoltaïques indépendants ;
- **Composante 5** : Soutenir l'environnement favorable : assistance technique, politiques et réformes.

**CONDITIONS FINANCIERES DU PRET :**

● Montant : 250 000 00 USD qui repose sur deux guichets distincts

➢ **100 millions USD** relèvent de la fenêtre GROW (Global and Regional Opportunities

Window), assortie de conditions financières identiques à celles applicables aux financements PBA standards.

- Maturité : 40 ans
- Période de grâce : 11 ans
- Taux d'intérêt : 0 %
- Commission de service et autres charges : 0%
- Commission d'engagement : non déterminé et serait applicable uniquement sur décision du Conseil de l'IDA

➢ **150 millions USD** : relèvent de la fenêtre Scale-Up Window Regular (SUW Regular), assortie de conditions non concessionnelles, avec une tarification alignée sur les prêts BIRD à taux variable, caractérisée par les paramètres suivants :

- Maturité : 24 ans
- Période de grâce : 5 ans
- Taux d'intérêt : Le taux d'intérêt, indexé sur le SOFR, peut être estimé selon deux méthodes distinctes :

- ***Référence dans le cadre du programme FEC*** : SOFR composé quotidiennement sur une période de 6 mois, globalement équivalent au SOFR 6 mois fixé à **3,21%** majoré d'un spread de **1,22%** correspondant à une maturité moyenne de **14,56 ans**, conduisant à un taux indicatif total de **4,43%**
- ***Référence de marché :*** SOFR 6 mois du marché, auquel s'ajoute un spread de **1,22 %** correspondant à une maturité moyenne de **14,56 ans** par an, conduisant à un taux indicatif total de **4,92 %**, sur la base d'un SOFR 6 mois de marché de **3,69727 %** ***(https://www.newyorkfed.org/markets/reference-rates/sofr-averages-and-index) au 08/03/2026.***

**CONCESSIONNALITE** ***: Moyenne***

**AGENCE D'EXECUTION**: Jiro sy Rano Malagasy (JIRAMA), Agence de Développement de l'Electrification Rurale (ADER), Autorité de Régulation de l'Electricité (ARELEC)

**PERIODE DE MISE EN ŒUVRE** : 2026 - 2030

Aux termes de l'article 137, paragraphe II de la Constitution, «la ratification ou l'approbation des traités qui engagent les finances de l'Etat doit être autorisée par la Loi ».

Le Ministre de l'Economie et des Finances et le Ministre de l'Energie et des Hydrocarbures seront chargés d'en exposer les motifs et d'en soutenir la discussion.

Tel est, Mesdames et Messieurs les Parlementaires, l'objet du présent projet de loi que nous avons l'honneur de soumettre à votre haute approbation.

Antananarivo, le

**Le Ministre de l'Economie et des Finances**

**Le Ministre de l'Energie et des Hydrocarbures**

Herinjatovo Aimé RAMIARISON

Radonirina Lucas RABEARIMANGA

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

**GOUVERNEMENT**
**-------------------**

**DECRET n° 2026-1478**

Portant présentation au Parlement du Projet de Loi n° 026/2026 du 10 juin 2026 autorisant la ratification de l'Accord de prêt relatif au financement du projet Accélération du Programme de Transformation Durable et de l'Accès à l'Energie Propre (ASCENT MADA), conclu le 08 mai 2026 entre la République de Madagascar et la Banque Mondiale.

**LE PREMIER MINISTRE, CHEF DU GOUVERNEMENT,**

Vu la Constitution,

Vu la Décision n°10-HCC/D3 du 14 octobre 2025 accordant à l'autorité militaire compétente, représenté par le Colonel RANDRIANIRINA Michaël, l'exercice des fonctions de Chef de l'Etat ;
Vu le décret n°2026-776 du 15 mars 2026 portant nomination du Premier Ministre, Chef du Gouvernement ;
Vu le décret n°2026-777 du 25 mars 2026 portant nomination des membres du Gouvernement.

**DECRETE :**

**Article premier.**- Le Projet de Loi n°026/2026 du 10 juin 2026 autorisant la ratification de l'Accord de prêt relatif au financement de l'Accélération du Programme de Transformation Durable et de l'Accès à l'Energie Propre (ASCENT MADA), conclu le 08 mai 2026 entre la République de Madagascar et la Banque Mondiale, pour un montant de DEUX CENT CINQUANTE MILLIONS DE DOLLARS AMERICAINS (250 000 000 USD) délibéré en Conseil des Ministres le 10 juin 2026, annexé au présent Décret et comportant deux (02) articles sera présenté au Parlement.

**Article 2.**-Le Ministre de l'Economie et des Finances et le Ministre de l'Energie et des Hydrocarbures sont chargés d'en exposer les motifs et d'en soutenir la discussion.

Fait à Antananarivo, le 10 juin 2026

Par le Premier Ministre,
Chef de Gouvernement

**Mamitiana RAJAONARISON**

Le Ministre de l'Economie
et des Finances

Le Ministre l'Energie
et des Hydrocarbures

**Herinjatovo Aimé RAMIARISON**

**Radonirina Lucas RABEARIMANGA**

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

**PRÉSIDENCE DE LA REFONDATION DE LA RÉPUBLIQUE**

---------------------------

**PROJET DE LOI n° 026/2026 du 10 juin 2026**

**Autorisant la ratification de l'Accord de prêt relatif au financement du projet Accélération du Programme de Transformation Durable et de l'Accès à l'Energie Propre (ASCENT MADA), conclu le 08 mai 2026 entre la République de Madagascar et la Banque Mondiale.**

L'Assemblée nationale a adopté en sa séance du…………,

**LE PRÉSIDENT DE LA REFONDATION DE LA RÉPUBLIQUE, CHEF DE L'ETAT**

Vu la Constitution,
Vu la Décision n° _________HCC/D du_________ de la Haute Cour Constitutionnelle

**PROMULGUE LA LOI DONT LA TENEUR SUIT :**

**Article premier. -**Est autorisée la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du Projet Accélération du Programme de Transformation Durable et de l'Accès à l'Energie Propre (ASCENT MADA), conclu le 08 mai 2026 entre la République de Madagascar et la Banque Mondiale, d'un montant de DEUX CENT CINQUANTE MILLIONS DE DOLLARS AMERICAINS (250 000 000 USD).

**Article 2.**- La présente Loi sera publiée au Journal Officiel de la République. Elle sera exécutée comme Loi de l'Etat.

Promulguée à Antananarivo, le

**Par le Président de la Refondation de la République, Chef de l'Etat**,

Michaël RANDRIANIRINA

**Vu pour être annexé**
**Au Décret n° 2026-1478 du 10 juin 2026**

**Le Premier Ministre, Chef du Gouvernement,**

**Mamitiana RAJAONARISON**

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

**Ministeran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola**
-------------

**Ministeran'ny Angovo sy ny Akoranafo**
-----------------

**VOLAVOLAN-DALANA LAHARANA FAHA- 026/2026 ny 10 jiona 2026**
**Manome alalana ny fankatoavana ny Fifanarahana fampindramam-bola mikasika ny famatsiam-bola ny Tetikasa Fanovàna haingana ho amin'ny fahazoana angovo madio sy maharitra (ASCENT) Madagasikara, natao sonia ny 08 may 2026 teo amin'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny Banky Iraisam-pirenena.**

## FAMELABELARANA NY ANTONANTONY

Ny Governemanta Malagasy dia nanaiky ny hiroso amin'ny fanatanterahana ny vina «initiative M300» tamin'ny alalan'ny fanaovana sonia ny «Pacte-Energétique National» ho an'i Madagasikara, izay mifanindry an-dalana amin'ny Tanjona ho an'ny Fampandrosoana Maharitra faha-7 (Objectif de Développement Durable 7- ODD7). Vina izay iarahan'ny vondron'ny Banky Iraisam-pirenena sy ny Banky Afrikanina ho an'ny Famapandrosoana ary ireo mpiara-miombon'antoka ara-bola hafa hahafahana manatratra ny tanjona amin'ny famatsiana herinaratra ho an'ny olona 300 tapitrisa eto Afrika hatramin'ny taona 2030. Tohanan'ny Banky Iraisam-pirenena amin'ny alalan'ny dingana faha-14 amin'ny Programa ASCENT, izay tetikasa mifototra amin'ny vokatra (Program for Results – PforR), tanterahina araka ny fomba fiasa marolafy mifanesy (Multiphases Programmatic Approach - MPA), ny Governemanta Malagasy dia mikendry ny hamaly ireo laharam-pahamehana maika mifandraika indrindra amin'ny hahafahan'ny rehetra misitraka angovo maharitra sy madio.

Ny Programa ASCENT dia manohana indrindra ireo tanjona mifandray amin'ny famoronana asa, amin'ny sehatry ny maha-olona sy amin'ny fahaiza-miatrika ny olana ary mametraka ireo laharam-pahamehana iombonana eo amin'ny lafin'ny fitantanana (fifanekena mifototra amin'ny fahombiazana, tatitra mangarahara , fanavaozana eo amin'ny tsenam-baro-panjakana),sy ny lafin'ny toetr'andro (angovo azo havaozina sy fandrahoana sakafo madio mba hampihenana ny entona mampamaivay ny tany sy hanamafisana ny fahaiza-miatrika ny olana), ary ny  miralenta (fanohanana manokana ny tokantrano tantanin'ny vehivavy ary fepetra hampitomboana ny fandraisana anjaran'ny vehivavy eo amin'ny sehatry ny asa momba ny angovo).

Ho an'i Madagasikara, ny tanjona fampandrosoana dia miantefa amin'ny fanatsarana ny fahombiazana ara-bola sy ara-panatanterahana eo anivon'ny JIRAMA, ary koa ny fampitomboana ny fahazoana misikatra angovo maharitra sy madio.

Ho fanatotosana izany, ny Banky Iraisam-pirenena dia hanome fampindramam-bola mitentina DIMAPOLO SY ROANJATO TAPITRISA DOLARA AMERIKANINA (250 000 000 USD), na 1 041 032 500 000 Ariary ho an'ny Governemanta Malagasy, hamatsiana ny Tetikasa.

**Tanjon'ny Tetik'asa :** Ny programa dia mamaly ny laharam-pahamehana ho an'i Madagasikara dia ny fanafainganana ny fahazoan'ny rehetra angovo maharitra sy madio, sady mamerina ny fahavelomana ara-bola ho an'ny sampanan-draharaha misahana ny herinartra sy ny seha-pihariana angovo eto Madagasikara. Ny tanjon'ny fampandrosoana ho an'ny fandaharana ASCENT Mada dia ny hanatsarana ny fahombiazana ara-bola sy ara-pampandehanana eo anivon'ny JIRAMA.

- **Singa 1:** Fampitomboana ny fahafahana mahazo herinaratra (ao anatin'ny tambajotra);
- **Singa 2:** Fanatsarana ny fahavelomana/fahombiazana ara-bola ho an'ireo sampandraharaham-panjakana (fampitomboana ny fidiram-bola, fandoavana ny trosa sy ireo trosa kanto/tara);
- **Singa 3**: Fanatsarana ny fiadidiana (gouvernance) sy ny fitantanana ireo sampandraharaham-panjakana;
- **Singa 4:** Fanitarana ny fahafahana mahazo angovo amin'ny alalan'ireo angovo azo havaozina itsinjaram-pahefana (DRE), indrindra ny fampidirana herinaratra any ambanivohitra, ireo vahaolana ara-tsakafo madio (cuisson propre), PURE, ary ireo tetikasa mampiasa herin'ny masoandro (photovoltaïque) mahaleo tena;
- **Singa 5**: Fanohanana ny tontolo mampahomby: fanampiana ara-teknika, politika ary fanavaozana.

**FEPETRA ARA-BOLA MOMBA NY INDRAM-BOLA**
**sandambola**: 250 000 000 USD izay mitsinjara amin'ny fidirana (guichets) roa miavaka:

- **100 tapitrisa USD** amin'ny sehatra GROW (Global and Regional Opportunities Window) ahazoana fepetra ara-bola mitovy tanteraka amin'izay mihatra amin'ny famatsiam-bola PBA mahazatra.
  - Fe-potoana hamerenana (Maturité): 40 taona
  - Fe-potoana fandeferana (Période de grâce): 11 taona
  - Zana-bola: 0%
  - Saran'ny fisahanana sy haba hafa: 0%
  - Saran'ny firotsahana (Commission d'engagement): Mbola tsy voafaritra, ary tsy hihatra raha tsy misy fanapahan-kevitra avy amin'ny Filankevitry ny IDA.

- **150 tapitrisa USD** amin'ny sehatra Scale-Up Window Regular (SUW Regular) : Miaraka amin'ny fepetra tsy misy fandeferana (non concessionnelles), ahitana fampitahana vidiny mifanaraka amin'ny indram-bola BIRD amin'ny zana-bola miovaova, ary miavaka amin'ireto tondro manaraka ireto:
  - Fe-potoana hamerenana (Maturité): 24 taona
  - Fe-potoana fandeferana (Période de grâce): 5 taona
  - Zana-bola: Ny zana-bola, izay miankina amin'ny SOFR, dia azo tombanana amin'ny fomba roa miavaka:

- **Fakan-tahaka ao anatin'ny fandaharana FEC:** SOFR atambatra isan'andro mandritra ny 6 volana, izay mitovy amin'ny SOFR 6 volana voafaritra ho 3,21% miampy spread 1,22% mifanandrify amin'ny salan-taona hamerenana 14,56 taona, ka manome zana-bola tondroina manontolo ho 4,43%.

- **Fakan-tahaka eo amin'ny tsena**: SOFR 6 volana eo amin'ny tsena, izay ampiana spread 1,22% mifanandrify amin'ny salan-taona hamerenana 14,56 taona isan-taona, ka manome zana-bola tondroina manontolo ho 4,92%, miorina amin'ny SOFR 6 volana eo amin'ny tsena izay 3,69727% **(https://www.newyorkfed.org/markets/reference-rates/sofr-averages-and-index) tamin'ny 08/03/2026.**

**TAHAM-PANDEFERANA (CONCESSIONNALITE)**: Antonony
**RANTSANA MPANATONTOSA NY ASA:** Jiro sy Rano Malagasy (JIRAMA), Agence de Développement de l'Electrification Rurale (ADER), Autorité de Régulation de l'Electricité (ARELEC)
**FE-POTOANA ANATONTOSANA NY ASA:** 2026 – 2030

Araka ny Andininy faha-137, Andalana II amin'ny Lalàmpanorenana, «ny fanamarinana na fankatoavana fifanarahana izay mahakasika ny Volam-panjakana dia tsy maintsy ahazoana alalana araka ny Lalàna».

Izany, Ramatoa sy Andriamatoa Parlementera, no anton'ity volavolan-dalàna atolotray ho ankatoavinareo.

Antananarivo, faha

| Ny Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam--bola | Ny Minisitry ny Angovo sy ny Akoranafo |
| --- | --- |
| Herinjatovo Aimé RAMIARISON | Radonirina Lucas RABEARIMANGA |

**FIADIADIANA NY FANAVAOZANA NY REPOBLIKA**

_____________

**VOLAVOLAN-DALANA LAHARANA FAHA – 026/2026 ny 10 jiona 2026**

manome alalana ny fankatoavana ny Fifanarahana fampindramam-bola mifandraika amin'ny famatsiam-bola ho an'ny Tetikasa Fanovàna haingana ho amin'ny fahazoana angovo madio sy maharitra (ASCENT) Madagasikara, natao sonia ny 08 may 2026 teo amin'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny Banky Iraisam-pirenena.

Nankatoavin'ny Antenimierampirenena nandritra ny fivoriana nataony tamin'ny ……………,

**NY FILOHAN'NY FANAVAOZANA NY REPOBLIKA, FILOHAM-PANJAKANA**

Araka ny Lalàmpanorenana,
Araka ny Fanapahana laharana faha- ____________HCC/D tamin'ny ________ nataon'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana

**MAMOAKA IZAO LALÀNA MANARAKA IZAO:**

**Andininy voalohany**.– Ekena ny fankatoavana ny Fifanarahana fampindramam-bola mifandraika amin'ny famatsiam-bola ho an'ny Tetikasa Fanovàna haingana ho amin'ny fahazoana angovo madio sy maharitra (ASCENT) Madagasikara, vita sonia ny 08 may 2026 teo amin'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny Banky iraisam-pirenena, mitentina DIMAPOLO SY ROANJATO TAPITRISA DOLARA AMERIKANINA (250 000 000 USD), na 1 041 032 500 000 Ariary.

**Andininy 2.**– Havoaka amin'ny Gazetim-panjakan'ny Repoblika ity Lalàna ity ary hotanterahina ho Lalàm-panjakana.

Avoaka hanan-kery, Antananarivo faha

**Ny Filohan'ny Fanavaozana ny Repoblika,**
**Filoham-panjakana**

Michaël RANDRIANIRINA

**Hita sy hekena atovana**
**amin'ny Didim-panjakana**
**laharana faha- 2026-1478 ny 10 jiona 2026**

**Ny Praiministra,Lehiben'ny Governemanta,**

**Mamitiana RAJAONARISON**

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

**GOVERNEMANTA**

\- - - - - - - - - - - - - -

**DIDIM-PANJAKANA LAHARANA FAHA- 2026-1478**

mitondra ny fanolorana eo anatrehan'ny Parlemanta ny Volavolan-dalàna laharana faha manome alalana ny fankatoavana ny Fifanarahana fampindramam-bola mifandraika amin'ny famatsiam-bola fanampiny ho an'ny Tetikasa Fanovàna haingana ho amin'ny fahazoana angovo madio sy maharitra (ASCENT) Madagasikara, natao sonia ny 08 may 2026 teo amin'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny Banky Iraisam-pirenena.

**NY PRAIMINISTRA, LEHIBEN'NY GOVERNEMANTA,**

Araka ny Lalampanorenana,
Araka ny Fanapahana laharana faha-10-HCC/D3 tamin'ny 14 oktobra 2025 nataon'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana manome ny fahefana miaramila mahefa, soloin'i Kolonely RANDRIANIRINA Michaël, hanatanteraka ny asan'ny Filoham-panjakana ;
Araka ny Didim-panjakana laharana faha-2026-776 tamin'ny 15 martsa 2026 manendry ny Praiministra, Lehiben'ny Governemanta ;
Araka ny Didim-panjakana laharana faha-2026-777 tamin'ny 25 martsa 2026 manendry ireo mpikambana ao amin'ny Governemanta ;

**DIA MAMOAKA IZAO DIDIM-PANJAKANA IZAO :**

**Andininy voalohany.** – Ny Volavolan-dalàna laharana faha- 026/2026 ny 10 jiona 2026 manome alalana ny fankatoavana Fifanarahana fampindramam-bola mifandraika amin'ny famatsiam-bola ho an'ny Tetikasa Fanovàna haingana ho amin'ny fahazoana angovo madio sy maharitra (ASCENT MADA), vita sonia ny 08 may 2026 teo amin'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny Banky Iraisam-pirenena, izay mitentina **DIMAPOLO SY ROANJATO TAPITRISA DOLARA AMERIKANINA (250 000 000 USD)**, na 1 041 032 500 000 Ariary, nodinihina teo amin'ny Filankevitry ny Ministra ny 10 jiona 2026, ary atovana amin'ity Didim-panjakana misy andininy roa ity, dia hatolotra hankatoavin'ny Parlemanta.

**Andininy 2.** – Ny Minisitry ny Toekarena sy ny Minisitry ny Angovo sy ny Akoranafo no tompon'andraikitra amin'ny famelabelarana ny antonantony sy fitarihana ny adihevitra momba izany

Natao teto Antananarivo, ny 10 jiona 2026

Ny Praiministra,
Lehiben'ny Governemanta,

**Mamitiana RAJAONARISON**

Ny Ministry ny Toekarena
sy ny Fitantanam-bola

**Herinjatovo Aimé RAMIARISON**

Ny Minisitry ny Angovo
sy ny Akoranafo

**RABEARIMANGA Radonirina Lucas**